


TORITENY - ALAHADY 2 PAKA - TAONA D



TOMPOKO SY ANDRIAMANITRO!

Ry kristianina havana, mbola anatin'ny havalohana ankalazantsika ny Paka isika izao ary mbola anatin'ny hafaliana an'izay fankalazana ny Paka izay. Tian'ny Eglizy ho tsapantsika fa i Jesoa dia velona eto anivontsika, tsy hoe velona mitovy amin'ny angatra na matoatoa fa velona tokoa, nefa velona tsy hoe vatana hitantsika izao fa velona mameno an'izao rehetra izao. Izay ilay vatana fanahin'ny fitsanganan-ko velona. Izay no miandry antsika ihany koa rehefa tonga ny fitsanganan-ko velona. Fa ny tena zava-dehibe dia entanin'ny finoana isika ka eto anivontsika tokoa i Jesoa nandresy ny ratsy ary indrindra fa mbola anatin'ny havalohana isika. Alahady faharoa ny Paka araka ny fantantsika fa nofidin'ny Papa Md Joany Paoly II ho Alahady FAMINDRAMPON'ANDRIAMANITRA satria mbola mibanjina izay famindrampon'Andriamanitra izay isika ary indrindra anatin'ny taona masina ny famindrampo. I Jesoa nitsangan-ko velona no endriky ny famindrampon'Andriamanitra izay ary tsy lavitra ny famindrampon'Andriamanitra, tsy misy fetra izay mitondra famonjena ho antsika ao amin'i Jesoa izay fa eo anivontsika. Mila masom-pinoana anefa izany.

Vakiteny I : Asa 5, 12-16

Salamo : Sal. 117, 24.

Vakiteny II : Apôk. 1, 9-11a.

Evanjely : Jo. 20, 19-31

Inona ny masom-pinoana ?

Ilay mason'Anriamanitra zary masontsika raha mandray an'Andriamanitra isika, ary izay no abaribarin'ny vakiteny androany Alahady ankalazantsika ny famindrampon'Andriamanitra izao ary mbola velabelarintsika mandritra an'izao taona masina izao fa

tsy lany hamamiana tokoa tahaka ny fary lava vany izany famindrampon'Andriamanitra izany dia ny fitiavan'Andriamanitra eo anivontsika. Andriamanitra misedra, miombona amintsika, io no ambaran'ny vakiteny voalohany (Asa 5, 12-16) ahitantsika an'i Piera fa eo anivontsika tokoa Andriamanitra. Raha eo anivontsika izy dia anjarantsika tokoa ny mandray azy.

Raha entanin'ny fahaizana mandray azy izay isika dia tonga ho Apostoly manambara an'izay famindrampon'Andriamanitra izay tahaka an'ireo Apostoly amin'ny vakiteny voalohany ka manana ny "disponibilité", fisokafana amin'ny fitiavana an'Andriamanitra izay eo anivontsika ka mahita an'i Jesoa tokoa mitarika sy mitantana ny fiainantsika ka hahitantsika fahasoavana ary mampitombo ny fahasoavan'Andriamanitra eo anivontsika. Noho ny toriteny nataon'i Piera dia nitombo isa ny vahoakan'Andriamanitra, noho ny fahitan'izy ireo koa ny famantarana fa eo anivony i Jesoa nitsangan-ko velona, tahaka ny nanasitranan'i Piera an'ilay malemy teo amin'ny lavarangan'i Salomona, nahatsapa ny vahoaka tamin'izay fa eo anivony tokoa i Jesoa tafantsangan-ko velona ka nitombo isa ny vahoakan'Andriamanitra.

Ny Evanjely (*Jo. 20, 19-31*) dia ahitantsika an'i Md Tomà. Azo lazaina fa tsy nety nino ary io matetika tonga ao antsaintsika ny tsy finoany. Tsy hoe nalain-kino izy na tsy nahatoky ka nila porofo fa ny toetran'i Md Tomà dia nentanin'ny fahamarinany izy : ilay marina ao an-tsainy dia i Jesoa maty ka raha tsy nahita azy izy dia tsy nahatsapa. Izay koa ry Kristianina havana, mifanena amintsika i Jesoa ary efa noresahintsika izany tamin'ny Alahady lasa teo raha niteny momba ireo mpianatra avy any Emaosy isika. Maro samy hafa ny hifanenan'i Jesoa amintsika tahaka ny nifanenanany tamin'i Md Tomà.

Inona moa fifanena na fihaonana amin'Andriamanitra ?

Isika mahatsapa ny famindrampony, io no tena sarobidy fa tsy hoe ny fahitana ilay famantarana araka ny lazaintsika teo tamin'ny vakiteny enontsika ao amin'ny Asan'ny Apostoly no zava-dehibe fa isika mahatsapa ao am-pontsika fa ao Andriamanitra ka miova ny fiainantsika satria ny fon'Andriamanitra no mitepo ao amintsika ao. Izay no nitepo tamin'i Md Tomà ka nahatonga azy nanambara hoe : "Tompoko sy Andriamanitra", izay vokatry ny fibebahana amin'ny fiainantsika ary isika tsirairay avy dia mahatsapa fa nifanena tamin'ny famindrampon'Andriamanitra ka mahatsapa fa Tompo sy Andriamanitra tokoa i Jesoa izay miara-dàlana amintsika dia miova ny fiainantsika. Io no mahatonga atsika manambara amin'ny fiainantsika an'i Jesoa tafantsangan-ko velona, izay voalaza ao amin'ny Apokalipsa, ka isika koa na dia ao anatin'ny fahoriana aza, na fitsapana maro samy hafa ka rehefa nifanena tamin'izay famindrampon'Andriamanitra izay dia afaka manambara eo anivontsika fa i Jesoa tokoa no voalohany sady farany amin'izao fiainana izao, izy no fototry ny fiainantsika manontolo.

Ry Jesoa Tomponay ô, eo tokoa lanao eo anivon'ny fiainanay, indraindray anefa manjavozavo ny masonay ka tsy mahita anao tahaka an'i Md Tomà izahay tsy hoe malain-kino fa mbola tsy mifanena amin'ny famindramponao. Sokafy ary ny fonay, hifanena amin'izay fonao izay amin'izay hahatsapa izahay fa eo anivon'ny fiainanay tokoa lanao. Enga anie izao fankalazana ny taona masina izao, taona famindrampo izao hanampy anay handalina ny finoanay ka hahatonga anay tokoa hanambara an'izay famindrampo izay eo anivon'ny fiainanay, amin'izay hitombo isa tokoa ny vahoakanao sady hahay hanambara ny finoana eo anivon'ny zava-misy ka hahatonga ny fiainanay ho fiainan'ny zanak'Andriamanitra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarason